TOROLALANA MAHOMBY, HO AN'NY FAMBOLENA MAHARITRA

FAMBOLENA ANANA SY LEGIOMA MANARAKA NY TEKNIKA "AGRO-ECOLOGIQUE"

TANJONA

- Ahazoana vokatra betsaka sy tsara kalitao ;
- Fidiram-bola fanampiny sy haingana ;
- Tontolo iainana voakajy amin'ny fampiasana fanafody ara-boajanahary ;

FANOMANANA NY TANIKETSA

- Fidina tsara ny toerana hametrahana ny taniketsa :
  - Akaiky tanàna ;
  - Akaiky rano ;
  - Tany efa masaka ;
- Avadika ny tany ;
- Manamboatra "plate-bande" raha ilaina ;
- Asiana tany masaka na "compost" ;
- Potehina halemy tsara ny bainga ;
- Tondrahana ho mando tsara ny tany.

FAMAFAZANA SY FIKARAKARANA

- Manao soritra manaraka ny halavany na ny sakan'ny taniketsa, afafy manaraka ny tsipika ny voa ;
- Rarahana vovo-tany manify, asiana rakotra eo amboniny ;
- Tondrahana avy hatrany ;
- Esorina ny rakotra rehetra rehefa hita fa mitsiry ny voa nafafy ;
- Manamboatra talatalana raha toa ka mafana loatra ny andro na be loatra ny orana ;
- Tondrahana maraina sy hariva ny taniketsa raha tsy ampy ny orana

FANOMANANA NY TANIMBOLY

- Atao akaikin'ny taniketsa ;
- Asaina ny tanimboly ;
- Manamboatra "plate-bande" raha ilaina ;
- Manamboatra lalankely hivezivezena sy hanamorana ny fikarakarana ;
- Manisy zezika "compost" 10 -15 t/ha.

FAMINDRANA NY ZANA-BOLY

- Raha maloka na manerika ny andro dia azo atao mandritra ny tontolo andro ny fanetsana. Raha tsy izany dia atao aorinan'ny amin'ny 4 ora folakandro ;
- Tondrahana ny taniketsa alohan'ny hamindrana azy ;
- Sorohana ny zana-boly na avotana amin'ny hazo kely ;
- Zana-boly iray ihany isaky ny manatsatoka ;
- Tsara raha atsoboka anaty ranon-jezika ny fakany alohan'ny andatsahana azy raha toa ka tsy misy tany ;
- Marihina fa tsy azo aketsa ny voly mamody.

FIKARAKARANA NY VOLY

- Tondrahana maraina sy hariva ny voly ;
- Avaina, totofana tany ny fototra raha mihanjaka ny faka ;
- Tondrahana ranon-jezika (biofertilisant liquide) ny voly mba hiarovana amin'ny biby kely.

FIOTAZANA

Atao ara-potoana araka ny fahamatoina ny fiotazana

☞ Fepetra fampivadiana na fampifandimbiasana voly

Tandremo fa tsy azo atao ny mampiaraka na mampifandimby ny voly mitovy karazana fa mahatonga faharetan'ny aretina sy ny biby mpanimba.

Voly mitovy karazana	Mandravina	Mamody	Mamoa
Karazana 1	Anamamy	Ovy	Voatabia, angivy
Karazana 2	Laisoa, petsay		Sofilera
Karazana 3	Salady, anamalaho		
Karazana 4		Voanjobory, voanjo	Tsaramaso, soja, pitipoa
Karazana 5	Poarao	Tongolo, tongolo lay	
Karazana 6	Selery	Karaoty	